



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-161

**FIFIDIANANA NY SOLOTENAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA  
HO MPIKAMBANA EO ANIVON'NY VAOMIERAM-PIRENENA  
MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA (CENI)**

Fivoriana faha-3  
Natao ny  
Talata 26 Oktobra 2021  
- Tolak'andro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao  
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Talata 26 Oktobra 2021 tamin'ny 5 ora sy 30 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana ny solotenan'ny Antenimierampirenena ho mpikambana eo anivon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana (CENI).

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy ireo kandida hilatsaka fidina ho solotenan'ny Antenimierampirenena ho mpikambana eo anivon'ny CENI, Ramatoa Filoha dia naneho fialan-tsiny noho ny fahatarana tamin'ny fanombohan'ny fivoriana satria mbola nisy fanomanana natao.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany mba hanao ny fiantsoana anarana. Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa.

Rehefa vita ny fiantsoana anarana, nanambara, Ramatoa Filoha, fa araka ny Didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), mitondra ny laharana faha-08-HCC/AR tamin'ny 20 Oktobra 2021, "concernant une demande de réintégration au sein de l'Assemblée nationale" dia miverina ho Solombavambahoakan'i Madagasikara, Ramatoa MICHELE BAVY Angelica, Minisitry ny Mponina teo aloha. Natao izany mba ho fanajana ny andininy faha-13 andalana faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Niarahaba azy amin'ny fiverenany ato amin'ny Antenimierampirenena, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Rehefa izany, niroso tamin'ny votoatin-draharaha ny mpivory.

Niangavian-dRamatoa Filoha, mba hamaky ny andininy faha-15 amin'ny lalàna laharana faha-2015-020 tamin'ny 19 Oktobra 2015 mikasika ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana na ny CENI ny Mpitantsoratra.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

«Article-15: La formation permanente de la Commission Electorale Nationale Indépendante est un organe collégial constitué de neuf (09) membres dont:

- Une personnalité désignée par le Président de la République;
- Une personnalité élue par le Sénat;
- Une personnalité élue par l'Assemblée Nationale;

- Une personnalité élue par la Haute Cour Constitutionnelle;
- Une personnalité élue par la Cour Suprême;
- Une personnalité élue par l'Ordre des Avocats;
- Une personnalité élue par l'Ordre des Journalistes;
- Deux personnalités élues par les Organisations de la Société Civile légalement constituées œuvrant dans le domaine de l'observation des élections.

Les modalités d'élection des membres de la Commission Electorale Nationale Indépendante seront fixées par voie réglementaire».

Taorian'izay, novakian-dRamatoa Filoha ny anaran'ireo kandidà nahafeno ny fepetra ahafahana milatsaka hofidina hisolotena ny Antenimierampirenena eo anivon'ny CENI araka ny voalazan'ny lalàna laharana faha-2015-020. Nomarihany fa nisy kandidà nahafeno ny fepetra takiana kanefa nisintona ny filatsahan-kofidiany, Andriamatoa RAKOTOMALALA Hariliva, laharana faha-6 ao amin'ny taratasy filatsahan-kofidina no nanao izany.

Ireto avy ireo mpilatsaka hofidina nahafeno fepetra;

- 1- RATSIMBAZAFY Mamisoa Niaina Nirina
- 2- RANIVOARISOA Jemison
- 3- KOTONDRATSIMA Karl (**tsy tonga**)
- 4- JEAN NOEL ABEL (**tsy tonga**)
- 5- HOUSSEN Abdallah
- 6- RABEARIVELO (**tsy tonga**)
- 7- LALAMADISOA Odette (**tsy tonga**)
- 8- ANDRIANAVALOMIHAJA Fidilalao
- 9- FELICE Adolphe

Taorian'izay, niroso tamin'ny fampielezan-kevitra ny kandidà ary nomena 3 minitra avy izy ireo hanaovany izany araka ny filaharany tamin'ny filatsahan-kofidina. Izany hoe ny kandidà no nanao fampielezan-kevitra ho azy tsirairay, fa tsy nisy Solombavambahoaka nanolotra azy ireo.

Nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny kandidà tsirairay avy ny fahavononan'izy ireo hitondra ny feon'ny Antenimierampirenena eo anivon'ny Vaomierampirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana na ny CENI.

Rehefa vita ny fampielezan-kevitra, nambaran-dRamatoa Filoha, araka ny andininy faha-93 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena fa: rehefa miroso amin'ny latsabato ny Antenimiera, amin'ny fanondroana olona manokana dia atao miafina ny latsabato. Amin'io trangan-javatra io, ny latsabato dia atao eny amin'ny sehatra eny anoloana.

Taorian'izay, nomarihany fa misy Solombavambahoaka maromaro nanolotra fanomezandalana hifidy hisolotena azy ireo noho ny tsy fahafahany manatrika izao fifidianana izao.

Ireto avy izy ireo (jereo tovana).

Nambaran-dRamatoa Filoha, taorian'izay ny fomba hanatanterahana ny fifidianana: antsoina tsirairay ny Solombavambahoaka handatsa-bato, izay voaantso dia mandroso eny anoloana, maka ny taratasim-batom-pifidianana (bulletin unique), mankao amin'ny "isoloir". Marihana eo amin'ny faritra mifanila misy ny anarana izay olona hofidina. Vita izay dia mandatsaka ny vatony ao anaty vata mangarahara.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka.

Marihana anefa fa nandritra ny fifidianana, nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomena fitenenana izy ireo. Nisongadina tamin'ny teny nataony ny fomba hifidianany. Nisy nanolotra sosokevitra hoe: mandatsa-bato indray mandeha ireo Solombavambahoaka nahazo fanomezan-dalana hifidy, fa tsy miverimberina mankeny amin'ny sehatra anoloana. Izany hoe, sady mandatsa-bato ho azy izy no mandatsa-bato ho an'izay Solombavambahoaka soloany tena.

Nisy ihany koa Solombavambahoaka nanontany hoe: tsy tokony ho "légaliser"-na ve aloha ny fanomezan-dalana hifidy omen'ny Solombavambahoaka tsy afaka manatrika izao fifidianana izao.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa indray mandeha mankeny amin'ny sehatra anoloana ny Solombavambahoaka nahazo fanomezan-dalana hifidy mba hialana amin'ny fandaniam-potoana. Manarak'izay, tsy misy andininy sy andalana milaza ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, fa tsy maintsy atao "légalisation" ny fanomezan-dalana hifidy.

Rehefa izany, nitohy ny fandatsaham-bato.

Rehefa vita ny latsabato, niroso tamin'ny fanisam-bato ny mpivory, ka niangavy Solombavambahoaka miisa telo mba hanisa vato, Ramatoa Filoha.

Ireto avy izy ireo:

- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- DINAH Romual
- ASSIMO Bruno

Toy izao no vokatry latsabato rehefa natao ny fanisam-bato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 130

Vato maty: 00

Vato fotsy: 03

Vato manan-kery: 127

- Vato azon'Andriamatoa RATSIMBAZAFY Mamisoa Niaina Nirina: 02
- Vato azon-dRamatoa RANIVOARISOA Jemison: 05
- Vato azon'Andriamatoa HOUSSEN Abdallah: 118
- Vato azon'Andriamatoa ANDRIANAVALOMIHAJA Fidilalao: 01
- Vato azon'Andriamatoa FELICE Adolphe: 01

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany hisolotena ny Antenimierampirenena ho eny anivon'ny CENI, Andriamatoa HOUSSEN Abdallah, tamin'ny isam-bato 118.

Niarahaba tamin'ny nahavoafidy azy, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nirary mba hahavita be amin'ny andraikitra mankadiry apetraky ny Antenimierampirenena aminy.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa HOUSSEN Abdallah; ka fisaorana ny Solombavambahoaka no nataony ary nanome toky ny hitohizan'ny fifandraisana eo aminy sy ny Antenimierampirenena izy mandritra ny fotoana iasany eny anivon'ity Vaomierampirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana na ny "Commission Eléctorale Nationale Indépendante" ity.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha; ka ny Alarobia 27 Oktobra 2021 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2021 tamin'ny 29 Septambra 2021 "portant autorisation de la ratification de la Charte de la renaissance Culturelle Africaine" sy ny tolo-dalàna laharana faha-002-2021/PL tamin'ny 17 May 2021 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°68-012" tamin'ny 4 Jolay 1968 ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, asam-baomiera handinika ny tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL tamin'ny 3 Jona 2021 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002" tamin'ny 15 Jolay 2011.

Niato tamin'ny 7 ora sy 50 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona